Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 07/11/2020 hatramin'ny 14/11/2020

- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie Aro Ampefiloha) 020 22 621 18

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 / Orange :
032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1092-11-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

SONDROBIDIM-PIAINANA

Misonga hatrany ny vidim-bary

Miferin'aina ankehitriny ireo renim-pianakaviana na loham-pianakaviana amin' ny fiakaran'ny vidim-bary eny an-tsena. Efa maro ireo karazam-bary mihoatra ny 600 ariary ny kapoaka eto an-drenivohitra sy ny manodidina. Ireo vary tsara kalitao dia efa mihoatra lavitra amin'izany. Ireo tsy dia manao ahoana loatra kosa no latsak'izany ny vidiny. Mazava loatra fa voatery misafidy ireto karazany farany ny sarambabembahoaka noho ny fahasahiranana lalina atrehiny efa am-bolana maro izao. Izany hoe, tsy mihinambary tsara intsony ilay vahoaka Malagasy, nefa io

no foto-tsakafony.
Mihazakazaka ny sondrobidim-piainana miditra amin'izao volana farany amin'ny taona izao. Iaraha-mahalala rahateo fa hiditra amin'ny fotoanan' ny maitso ahitra isika. Fijaliana amin'ny sakafo izany raha atao mahitsy ny filaza azy. Miha-lafo ny vidin-kanina. Ny vidimbary tsy maintsy mbola hiakatra hatrany mandrapiakatra ny vary aloha. Hihena ny fanjifana noho ny antony fahasahiranana. Malagasy tsy ampy sakafo no misy mamarana ny taona 2020.
Tsiahivina fa tsy ny vidimbary ihany anefa no miaka-bidy, fa ireo sakafo fanjifan'ny mponina andavanandro ihany koa. Langilangy zozoro ihany ny fitondrana manoloana izany olan'ny vahoaka Malagasy izany. Raha ny amin' ny tapany atsimon'ny Nosy any amin'ny distrikan'i Faradofay, faritra Anôsy iny aza amin'izao fotoana dia efa nisonga hatramin'ny 1000 Ar ny vidim-bary any an-toerana.

Radafy

Tsy fisian-drano, Ambatolampy Antehiroka

Nosakanan'ny mponina "bidon jaune" ny lalana

Noho ny tsy fisian-drano nandritra ny 2 andro teny Ambatolampy Antehiroka, Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra, nosakanan'ny mponina "bidon jaune" omaly ny lalana teny an-toerana. Tapaka nandritra ny ora maromaro ny lalana teny AMBATOLAMPY ANTEHIROKA noho izany. 2 andro tsy nisy rano ny manodidina, ka nanapakevitra nitokona izy ireo, nosakanany "bidon jaune" aman-jatony ny lalana, noho izay antony izay, tsy afaka teo na ny moto na ny fiarakodia. Mbola tsy hita hatreto ny tena vahaolana maharitra omen' ny orinasa Jirama sy ny fitondrana momba ity olan' ny rano ity, tsy eny amin' iny faritra iny kihany no misy izay olana izay, fa faritra maro eto Antananarivo sy ny manodidina mihitsy.

Stefa

Tetikasa PVEPE-VTM

Hanofana momba ny fanamboarana fatana manodina ny fako

Azo atao ho fandrehitra koa ny taolan-katsaka.

Miha-miditra anaty fahavaratra na asara isika izao. Mety IFAMPITADIAVANA" toy ny isan-taona indray atsy ho atsy ny vidin'ny saribao hazo sy ny kitay; sady lafo no indraindray aza tsy mahita ho vidiana. Ho vaha olana: hanome fiofanana any amin'ny faritra Itasy, Bongolava ary Melaky ny tetikasa miahy tena PVEPE-VTM, ka ireto ireo ho ampianarina : fomba fanam- boarana fatana manodina avy hatrany ireo heverina ho fako ho angôvo enti-mahandro, na hatao fitaovana fanafanana, ohatra: akofa + taimbakona mbamin'ny tain-dà"scie", hodimanga sy taola-manga, tonom-pary, kolakolan-katsaka, ny fakontsena sy fako an-trano (esorina ny plastika, ny vy, ny vera, ny couche.
Fomba famokarana "saribao amboarina"(ekolojika, biolojika), izay tsy ho afangaro amin'ny angôvo hafa fa mirehitra mahaleotena; tombony manokana izany ho an'ireo mahay manamboatra "arina bozaka sy fatana mitsitsy kopa-droa".
Toromarika mivantana sy hatrehina ny fomba fanaovana "carbonification", na fandorana ny taimbakona, taintsofa, akofa, fako (amin'ny fitaovana tsotra sy kely ho atao modely).
Fomba fanamboarana "fatana mitsitsy kitay" ho an'izay mbola mampiasa io angôvo io.
Fomba fanamboarana ireo angôvo mbola tsy malaza nefa mahasolo ny saribao hazo sy kitay.
NY FAHARETAN'NY FIOFANANA: Tapakandro indroa. Izay liana amin'ny fiofanana dia afaka miantso ny 0334347688, 0341253781 ary ny 0326809867.

Aly

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

N° 326



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0325)

Mitsivalana
- Torahana
- Maso (miv)
- Zanahary
- Akoho
- Neny
- Avotra
- (L)ainga

Mitsangana
- Tazana
- Eveka (miv)
- Ronono
- (M)ahita
- Hoho – Ry
- Asa – Man
- Nara
- Amy – Osa

TENY MIFANAPAKA **N° 326**



Mitsivalana

1. Solika **2.** Saro-bahana – Petsa, lena **3.** Ahodinay – Maribola **4.** Tsirin-teny Mpanao – Hita ao @ Baiboly **5.** Ireo litera samihafa – Kininina (miv) **6.** Alahelo – Valizy be (BL) **7.** Maharitra – Teny mampitaha (miv) **8.** Sakafo – Kianteny – Mamba **9.** Fitaovanao **10.** Volana maromaro – Loza (BR)

Mitsangana

A. Kanto – Potsirina (miv) **B.** Vahoaka ety an-tany **D.** Tiana sy ankasitrahana – Marina **E.** Tsirin-teny Iharana – Mamarana ny Alahady – Hita eo amin'ny fery (BR) **F.** Aloka **G.** Zanak'i Dada **H.** Fanampin'anarana – Fandrika ho an'ny hazan-drano (miv) **I.** Fanitarana – Mpisolo tena **J.** Anadahindreniny **K.** Tsipazany

Valiny Teny mifanapaka 0325

Mitsivalana
1. Matavy - Ody **2.** Isika - Azia **3.** Safotra **4.** (B)oky - OO - Dim(y) **5.** Torimaso **6.** Ikaky - To (miv) **7.** Namanao (miv) - Ro **8.** Valy - Vaky (miv) **9.** Ma - Eny **10.** Alakamisy (miv)

Mitsangana
A Misotro - Mi **B.** Asako - Sava (miv) **D.** Tifirina **E.** Ako - Malaky (miv) **F.** Vatomamy **G.** Roaka - P.K **H.** AA - Siny **I.** Zo (miv) - Do - Kel(y) **J.** Didy - Orana **K.** Ia - Mitovy